
# Kôminôten'i TIKO - CAMEROON

# FIRAHALAHIANA sy FIRAISAN-KINA






Masera Marie Honorette, Marie- Olga, Patience, Vitale sy Fany Jacinta

## Masera FENO Marie Honorette (teratany Malagasy)
## Mpiandraikitra ny Kôminôte



Eto amin'ny Kôminôten' i Tiko hatramin'ny Aogositra 2014 aho. Tamin'ny Marsa 2016 nangatahan'ny Fikambanana aho hiandraikitra ny kôminôte-nay.

Niezaka hatrany aho ny hahazo sy hanaiky ny toetra samihafan'ny masera tsirairay ato amin'ny kôminôte. Raha misy ny tsy fifankahazoana dia miezaka mametraka ny fiombonana aho satria izany no tokony hokatsahin'ny Soeurs du Christ mandrakariva. Misaotra ny Tompo aho manampy ahy hanompo Azy amin'io iraka manokana io. Azoko lazaina fa tsy mora ny miandraikitra ny kôminôte fa mino aho fa rehefa omena andraikitra dia Andriamanitra manome ny fahasoavana ilaina hanatontosana izany. Ankoatra izany samy manana ny tantarany ny tsirairay : ny toetra, ny mari-pahaizana, ny kolon-tsaina… samy hafa, afaka isika amin'ny maha- Soeurs du Christ antsika manorina kôminôte anjakan'ny fifankatiavana araka ny angatahin'i Jesoa **''Mba ho iray anie izy rehetra'' Jn 17,21.**

## MPAMPIVELONA AMIN'NY TOBIM-PAHASALAMAN'I 'REGINA PACIS' n'i MUTENGENE



Misaotra amin'ny fanomezana aina, ny Finoana noraisina, ny nidirako tato amin'ny fikambanan'ny Sœurs du Christ ary ny antso ho ahy amin'ny sehatry ny fitsaboana ! Raha vao tonga taty Cameroun aho dia nisedra ny sakan'ny fiteny, voatery nampiasa fihetsika aho na baiko moana . Matetika dia azon'ny olona ary miara-mihomehy. Farafaharatsiny tafita ny hafatra.
Amin'io asako manokana sy saro-bidy io dia misaotra an-dry maseran'ny kôminôte aho sy ireo mpiara-miasa mpampivelona amin'ny toera-pitsaboana 'Regina Pacis' nanampy ahy betsaka handray izay mitranga amin'ny fiainana isan'andro. Tsikelikely noho ny fanampian'Andriamanitra dia mahazo aho, afaka miteny sy mamaly ny filàna. **(Jer 1, 7-9).**





### Masera Marie-Olga RAZAFINDRAMIADANA (Teratany Malagasy)



Miasa ho an'ny kaonty amin'ny tobim-pahasalaman'i 'REGINA PACIS' n'i MUTENGENE aho. Hatramin'ny nandraisako an'io andraikitra io dia teo ireo traikefa izay tsy mora mandrakariva. Noho izany dia tsy maintsy niatrika fanamby fa teo ny Tompo, mbola eo izy ary manohy ny fiahiany. Tena isaorako azy ny fahasoavany mahita ny Fisiany amin'ireo marary sahirana, osa fa mahery sy be herim-po ihany koa tonga amin'ny hôpitaly hangataka fitsaboana. Noho izy ireo dia afaka aho mamakivaky ireo fotoana mampisalasala sy mampiahiahy ary matoky an'Andriamanitra aho : aza dia be fanahiana amin'ny zavatra mitranga amin'izao tontolo izao!



## Masera DJUMO VITALE



Masera Vitale, miasa ao amin'ny tobim-pahasalaman'i'Regina Pacis' ary mahafaly ahy ny mizara aminareo ny iainako io asam-panirahana io. Miandraikitra indrindra ny taratasy fanamarinana vidim-panafody sy saram-pitsaboana aho ary manampy ny mpitan-tsoratra sy ny mpandray vola rehefa ilaina . Ny faniriako dia hanompo ny aretina ary tokony holazaiko amim-pahatsorana fa dia fahafinaretana ny asam-panirahako akaikin'ireo marary sy ny mitandrina mba tsy ho diso ny tokony haloany.Tsy maintsy miatrika ihany koa ny fanamby mavesatra indrindra ny krizy ara-ekonomikan'ity faritra ity. Noho izany dia miatrika ireo olona mahantra aho izay tezitra satria mihevitra izy ireo fa angalarana ny marary.Ny manampy ahy dia ny faharetana, ny firotsahako amin'ny asako sy ny fhatokisako an'i Kristy. Ny mpiara-miasa amiko ihany koa dia manampy ahy be dia be.





## Masera NGOLAH PATIENCE

'' VOAIRAKA MBA HAMONDRONA NY ZAVA-DREHETRA AO AMIN'I KRSITY."



Amin-kafaliana lehibe no izarako aminareo ny asam-panirahako ! Mampianatra tantara sy fanadalinam-pinoana ao amin'ny 'Kolejy Kristy Mpanjaka' (C.K.C) eto Tiko aho, amin'ny faritra atsimo anndrefan'i Cameroun. Noho ny taona niarahako amin'ny tanora dia azoko lazaina fa fanomezana ny mampianatra ! isan'andro eto Tiko (faritra miteny anglisy) dia miaina ny traikefan'ny savorovoro pôlitika izahay. Ny tena mampitolagaga ahy dia ny fahavononan'ny tanora hianatra. Mangetaheta fahalalàna izy ireo toy ny fanahintsika mangetaheta an'Andriamanitra. Manana tso-drano izy ireo ary mandrisika ahy hanao izay tratry ny aiko hanampiana azy ireo.
Soeur du Christ, voairaka aho hamondrona ny zavatra rehetra ao amin'i Kristy, izay 'Loha'. Amin'ny toerana kely misy ahy, angoniko ireo fangataham-bavakin'ny tanora tsirairay mikasika ny krizy pôlitika, manandrana ny mamitra-pihavanana aho rehefa miseho ny tsy fifankazoana ary ankiniko amin'i Kristy. Ny Fanahy izay nampiray ireo maserantsika teo aloha dia mbola mampiray antsika ihany koa ankehitriny.

Ezahako ny mampahazo ny tanora fa miantso antsika ho sambatra Andriamanitra.Na manahoana ny krisy pôlitika iainan'ny firenentsika, na eo ny fetran'ny maha olona, navondron'i kristy isika ary antsoina ho amin'ny fahasambarana.



## Masera FANY JACINTA ELAME

**''Tonga aho hanome fiainana be dia be ho anareo '' Jn 10, 10**



Ny anarako dia Fany Jacinta Elame. Ao amin'ny tobim-pahasalamana 'REGINA PACIS' ihany koa aho. Nisy fotoana nanao ny asa maha- mpitsabo mpanampy fa amin'izao aho dia manampy ao amin'ny fivarotam-panafodin'ny hôpitaly.Ireo mararinay dia tso-drano ka dia tohanako am-bavaka isan'andro, fankaherezana, tsiky mba hanampy azy ho sitrana. Ny fanakaikezana, ny fihainoana dia mankahery sy manafaingana ny fahasitranana. Nandritra izao fotoanan'ny savorovoro pôlitika sy tsy fandriam-pahalemana diavinay izao, ny fitadiavako ny fahamarinana sy ny fiadanana hanehoana ny fisian'i Jesoa amin'ny fanatonana ny marary. Noho izany dia miezaka aho ny manome azy fampaherezana, fanantenana amin'ny fomba fiainana dia ny fijoroana ho vavolombelona. Ampiandraiketina ireo tovovavy maniry ny hiditra ny Fikambanantsika ihany koa aho aty amin'ny faritra atsimo nadrefan'i Cameroun. Io iraka io dia manampy ahy handalina isan'andro bebe kokoa ny antsoko manokana amin'ny maha Sœur du Christ ahy.



